



ce 22/06/24
sc-pv
✓
ce 297
Bm 26



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2024**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-297

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY:

- TOLO-DALANA FEHIZORO LAHARANA FAHA-001-2024/PL° «COMPLETANT ET MODIFIANT L'ARTICLE 82 ALINEA 2 DE L'ORDONNANCE N°2005-005 DU 22 MARS 2006 MODIFIEE ET COMPLETEE PAR LA LOI ORGANIQUE N°2019-014 DU 13 DECEMBRE 2019 RELATIVE AU STATUT DE LA MAGISTRATURE», IZAY NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA, SOLOMBAVAMBAHOAKA VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'ANTANANARIVO FAHA-V, FILOHA LEFITRY NY ANTENIMIERAMPIRENENA.
- TOLO-DALANA LAHARANA FAHA-002-2024/PL° «MODIFIANT L'ANNEXE DE LA LOI N°2018-011 DU 11 JUILLET 2018 MODIFIANT ET COMPLETANT CERTAINES DISPOSITIONS DE LA LOI N°2014-020 DU 27 SEPTEMBRE 2014, RELATIVE AUX RESSOURCES DES COLLECTIVITES TERRITORIALES DECENTRALISEES, AUX MODALITES D'ELECTIONS AINSI QU'A L'ORGANISATION, AU FONCTIONNEMENT ET AUX ATTRIBUTIONS DE LEURS ORGANES, PRESENTEE PAR MONSIEUR TSARADIA MARCO, DEPUTE ELU DANS LE DISTRICT D'AMPANIHY OUEST».

Fivoriana faha-6
Natao ny
Alarobia 12 Jona 2024
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany: - RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
- RAHOLDINA Naivo Herinantsoina

FOTOANA: Alarobia 12 Jona 2024, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny:

- Tolo-dalàna Fehizoro laharana faha-001-2024/PL° «complétant et modifiant l'article 82 alinéa 2 de l'Ordonnance n°2005-005 du 22 mars 2006 modifiée et complétée par la Loi Organique n°2019-014 du 13 décembre 2019 relative au Statut de la Magistrature», izay natolotry ny Solombavambahoaka RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Antananarivo faha-V, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena.

- Tolo-dalàna laharana faha-002-2024/PL° «modifiant l'annexe de la Loi n°2018-011 du 11 juillet 2018 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 septembre 2014, relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, présentée par Monsieur TSARADIA Marco, Député élu dans le District d'Ampanihy Ouest».

Nitohy ny Alarobia 12 Jona 2024, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques, Filohan'ny Antenimierampirenena, Mpisolotoerana no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'i Fianarantsoa no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Andriamatoa Filoha.

Rehefa izay, niangavy an'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Lalàna, ny tenany mba hamaky ny tatitry ny asam-baomiera mikasika ny Tolo-dalàna, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-11 Jona 2024 tamin'ny 9 ora, maraina, ny Vaomiera momba ny Lalàna sy ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2024/PL «complétant et modifiant l'article 82 alinéa 2 de l'Ordonnance n°2005-005 du 22 mars 2006 modifiée et complétée par la Loi organique n°2019-014 du 13 décembre 2019 relative au Statut de la Magistrature» izay natolotry ny

Solombavambahoaka RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Antananarivo faha-V, sady Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa IDEALSON, Filohan'ny Vaomiera momba ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera momba ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa isany,

1. IDEALSON
2. RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
3. RAFIDIMANANANA Narson
4. VELOMAHAZO Patrice

Tsy nisy tonga nanatrika ny fivoriana ireo Solombavambahoaka mpikambana ao Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique no Solombavambahoaka tsy mpikambana ao anaty Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Teknisiana tonga nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | |
|----------------------------------|------------------------------|
| 1. BELALAHY Hanitriina | DGA JER P. i |
| 2. RAKOTOMALALA Nadia | DERL |
| 3. ANDRIANASOLO Johary Lala | SEAI/DERL |
| 4. TSELANY Déborah | Magistrat SL/DERL |
| 5. RAKOTONIRINA Henintsoa Menja | Magistrat collaborateur/DERL |
| 6. RANDRIANIRINA Vatosoa | Chargé d'étude/DERL MinJus |
| 7. ANDRIATSIHORISOA Mbintanarivo | Président SMM |
| 8. RABARISOA Andrianina | Vice-Président SMM |
| 9. RAKOTONIRINA Vololoniaina | Chef SL/DERL MinJus |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nangataka ny hevitra mpikambana ao amin'ny Vaomiera momba ny Lalàna amin'ny hahafahan'ireo solotena avy ao amin'ny Sendikan'ny Mpitsara handray anjara amin'ny lahadinika. Nanapaka ny mpivory fa mahazo mandray anjara izy ireo.

Taorian'izay, nomeny avy hatrany an'Andriamatoa Solombavambahoaka RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, voafidy tao amin'ny Distrikan'Antananarivo faha-V, sady Filoha lefitry ny Antenimierampirenena ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mikasika ny Tolo-dalàna.

Nambarany tamin'izany fa efa nahazo hafatra avy amin'ny Governemanta ny tenany mba hanajanona ity Tolo-dalàna ity, kanefa amin'ny maha fahefana mpanao Lalàna ny Antenimierampirenena dia naroso ihany ny fandinihana azy rehefa tapaka tao amin'ny fandanianana ny tetiandro.

Nambarany ihany koa fa efa niresaka tamin'ny mpitsara zokiolona sy zandriolona izy mikasika ity Tolo-dalàna ity ary tsapan'izy ireo fa sarobidy loatra izy ity satria mahakasika ny raharaham-pirenena.

Ny votoatin'ity Tolo-dalàna Fehizoro ity dia ny fampiakarana ny taona fandehanana misotro ronono ho lasa 70 taona ho an'ireo Mpitsara manana ny grady voalohany raha toa 67 taona izany ao amin'ny andininy faha-82, andalana faha-2-n'ny «Ordonnance n°2005-005 du 22 mars 2006 modifiée et complétée par la Loi Organique n°2019-014 du 13 décembre 2019 relative au Statut de la Magistrature». Izany no natao dia noho ny traikefa ananan'izy ireo ka inoana fa hiasa tsara sy tsy hanao kolikoly ary tsy sanatria entina hanambaniana sy hanamaivanana ireo Mpitsara zandriolona akory izany. Efa fanao izany eny amin'ny sehatra toy ny fampianarana, ny politika, satria na dia efa antitra sy voky taona aza dia mbola afaka mitondra ny anjara birikiny ihany entina mampandroso ny Firenena ny olona tsirairay avy.

Marihana fa tsy misy fiantraikany ara-bola ao amin'ny tetibolam-panjakana izy ity ary noho ireo fitarainana voaray misesisesy mikasika ny tsy fahampian'isan'ireo Mpitsara taorian'ny fanokafana ireo Fitsarana Ambaratonga Voalohany vaovao no tena nahitana taratra izany satria dia Mpitsara roa ihany no ao amin'ny TPI iray ka lasa tsy afaka miala sasatra izy ireo noho izany.

Taorian'izay dia nomena fitenenana ny avy amin'ny Governemanta, ka tamin'izay no nangatahan'izy ireo ny hanemorana ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity nohon'ireto antony manaraka ireto:

- Ny tsy fahazoana ny fanamarihana na “observation” avy tamin'ny Governemanta na dia efa nandalo Filankevitry ny Governemanta aza ity Tolo-dalàna ity;
- Ny fisian'ny «rétroactivité de la loi» mikasika ireo olona efa nisotro ronono tamin'ny taona 2022 kanefa ny Lalàna dia natokana ho an'ny taranaka any aoriana fa tsy mihemotra; noho izany dia mety hiteraka olana ho an'ireo efa nisotro ronono tany alohan'ny taona 2022 izany;
- Ekena fa tombotsoa ho an'ny Mpitsara izy ity, kanefa hita fa maika loatra ny fandinihana azy satria efa nisy fivoriana niarahana tamin'ny Sendikan'ny Mpitsara nanomboka ny taona 2017 ka hatramin'ny taona 2020 ary naharitra iray volana ny fandinihana izany Sata mifehy ny Mpitsara izany. Nandritra izany no nanovàna ho 67 taona ny fandehanana misotro ronono ho an'ny Mpitsara izay marimaritra iraisan'ny Mpitsara rehetra. Tsy natao 70 taona izy tamin'izany satria mbola ampy ny isan'ny Mpitsara niasa;
- Tsy andalana iray ihany no tokony hovaina raha hanova ihany fa asiana fandinihana miaraka amin'ny sehatra rehetra mba entina hanatsarana ny sata iray manontolo satria Lalàna Fehizoro izy ity ka lasa misy fiantraikany eo amin'ireo Didim-panjakana sy Didim-pitondrana mamaritra ny Zo sy adidin'ireo Mpitsara. Hita mantsy fa misy Mpitsara sasany te-handeha hisotro ronono, eo ihany koa anefa ireo te-hanohy ka mety hiteraka tsy fitovian-kevitra izany;

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

FANAMARIHANA

- Nanamarika ireo mpivory fa na dia tsy mahazo ny fanamarihana avy amin'ny Governemanta aza ny Tolo-dalàna iray dia azo aroso hodinihana ihany rehefa feno ny fe-potoana takian'ny Lalàmpanorenana handinihana azy. Efa tamin'ny volana Febroary tokoa mantsy no nandefasana ity Tolo-dalàna ity tany amin'ny Governemanta kanefa dia iray volana ihany no takian'ny Lalàna hanomezana izany fanamarihana izany;
- Terena ny Governemanta mba hanome lanja ny Tolo-dalàna avy amin'ny Fahefana Mpanao Lalàna satria manana zo hanao izany izy ireo. Tsy tokony ho ny Volavolan-dalàna ihany no omena vahana sy anerenana ireo Fahefana Mpanao Lalàna holaniana fa mila amboarina ny fomba fiasa ao amin'ny Governemanta mikasika fiaraha-miasa eo amin'ny Fahefana Mpanao Lalàna;
- Ilaina ny hevitra ny «Conseil Supérieur de la Magistrature» momba ireo Lalàna sy ny Didim-pitondrana rehetra mikasika ny mpitsara sy ny Fitsarana araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha-24 ao amin'ny Lalàna fehizoro faha-2007-039 tamin'ny 14 Janoary 2008 momba ny Filankevitra Ambonin'ny Mpitsara;
- Ilaina ihany koa ny fankan-kevitra ny sehatra rehetra, toy ny «Conseil Supérieur de la Magistrature», ny «Syndicat des Magistrats de Madagascar», ny Ministeran'ny Fitsarana sy ny Mpitsara ary ny Solombavambahoaka mba hampitovy ny hevitra mivoaka ka ny Sata iray manontolo izay efa voahitsy no hoentina hodinihana amin'izany fihaonana manaraka izany;
- Natao ho an'ny Mpitsara manana grady voalohany ihany aloha ity Tolo-dalàna ity noho izy ireo manana traikefa kokoa eo amin'ny sehatry ny Fitsarana.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny fangatahan'ny mpivory manoloana ireo teboka voalaza eo aloha ireo dia tapaka fa ahemotra amin'ny lahadinika manaraka ny fandinihana ny Tolo-dalàna Fehizoro laharana faha-001-2024/PL «complétant et modifiant l'article 82 alinéa 2 de l'Ordonnance n°2005-005 du 22 mars 2006 modifiée et complétée par la Loi Organique n°2019-014 du 13 décembre 2019 relative au Statut de la Magistrature» izay natolotry ny Solombavambahoaka RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, voafidy tao amin'ny Distrikan'Antananarivo faha-V, sady Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha fa hiditra amin'ny fanitsiana momba ny tatitra ny mpivory, ka ny Solombavambahoaka aloha no hanao vao ny solotenan'ny Governemanta. Tsy nisy nanan-kambara mikasika izany ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa BELALAHY Hanitriniaina, solotenan'ny Minisiteran'ny Fitsarana, nanamarika fa misy diso ny anarana ao amin'ny pejy faharoa amin'ny lisitry ny teknisiana; eo amin'ny laharana faha-8. Ramatoa RABARISOA Andriniaaina no tena anarana marina, fa tsy Andrianina.

Nahitsy tahaka izay koa ny voalaza ao amin'ny pejy faha-3, andalana voalohany manao hoe: «mitondra ny anjara birikiny ihany entina mampandroso ny Firenena sy ny olona tsirairay» no tena marina.

Nahitsy ihany koa ny voalaza ao amin'ny pejy faha-3, eo amin'ny fandraisam-pitenenan'ny solotena avy ao amin'ny Governemanta, eo amin'ny tsipika fahatelo, ampiana hoe: «avy amin'ny Sendikan'ny Mpitsara no manome fanamarihana sisa.

Fisaorana ny rehetra no namaranany ny fandraisany fitenenana.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'Antananarivo, noho izy no tompon'ity Tolo-dalàna ity.

Nanambara, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, fa izay tamin'ny tatitra izay no fanapahan-kevitra ny asam-baomiera; saingy mba manana hafatra tiana hatao amin'ny mpikambana rehetra eo anivon'ny Governemanta ny tenany.

Nomarihany fa tara loatra ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta amin'ny fandinihana Tolo-dalàna izay arosen'ny Solombavambahoaka amin'ny ankapobeny. Izany hoe, mila hatsaraina ny fiaraha-miasan'ny Solombavambahoaka sy ny Governemanta. Ohatra amin'izany ity Tolo-dalàna ity; efa tamin'ny volana Febroary no efa nandefasana azy tany amin'ny Governemanta kanefa tsy nahazoana fanamarihana na "observation" hatramin'izao. Raha ny marina, iray volana no voalazan'ny lalàna anaovan'ny Governemanta izany kanefa tsy natao izay zavatra izay.

Nomarihany koa fa rehefa ny Governemanta no manolotra Volavolan-dalàna, eo amin'ny telo andro eo dia efa andraisana fanapahan-kevitra eto anivon'ny fivoriamben'ny Antenimierampirenena sahady izany. Tokony tsy hisy intsony ny zavatra tahaka izany mba hirindran'ny fiaraha-miasa eo amin'ny Solombavambahoaka sy ny Governemanta.

Nambarany fa manohana ny fitondram-panjakana ny tenany ary ao anatin'ny fitondrana fa tsy mpanohitra. Tsy voatery ho ny mpanohitra ihany no sahy mijoro manao fanamarihana amin'ny fitondram-panjakana, fa afaka manao izany daholo ny rehetra. Izany hoe, tokony hitovy lanja ny fifandraisan'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka mikasika ny Volavolan-dalàna sy ny Tolo-dalàna fa tsy asiana fanavahana.

Nambarany koa fa nekeny ny hanemorana ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity Tolo-dalàna ity amin'izay mba tsy ho Tolo-dalàna ho an'ny Solombavambahoaka nanolotra azy ihany ny Lalàna lany, fa mba hankatoavin'ny sendikan'ny Mpitsara satria zavatra hahasoa azy ireo no antony nanaovana azy.

Nohamarihany koa fa efa nandroso Tolo-dalàna mikasika ny boky rovitra ny tenany ary efa nankatoavin'ny Antenimiera roa tonta izany saingy ny lalàna fampiharana azy no tsy mbola nivoaka hatramin'izao.

Nofaranany tamin'ny fanentanana ny Solombavambahoaka mba handany ny fanemorana ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna natolony ny fandraisany fitenenana nataony.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana Ramatoa RASOAZANANIERA Marie Monique Ernestine.

Nambarany fa tsy ho Solombavambahoaka intsony ny tenany, fa amin'ny maha mpampianatra mpikaroka azy na efa 70 taona aza izy dia mbola manana adidy masina amin'ny firenena. Mbola manatanteraka hatrany ny asa fampianarana noho izay adidy masina iantsorohana izay. Ny tiana holazaina, mila fahaizana sy kalitao avo lenta ryy traikefa ny resaka fitsarana ity na efa nahazoazo taona aza ny tomponandraikitra momba izany.

Nohamafisiny, fa aleo aroso amin'ny fotoana manaraka ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity Tolo-dalàna ity ary tokony ho maika ny fampiharana azy rehefa lany soa amantsara izy.

Tsy nisy nandray fitenenana intsony, taorian'izay na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta, ka nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny hevitra tapaka tany amin'ny asam-baomiera ny mpivory. Izany hoe, mikasika ny hanemorana amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity Tolo-dalàna laharana faha-001-2024/PL° ity.

Nomarihany, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany; Solombavambahoaka iray no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny hanemorana amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana sy ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2024/PL° «complétant et modifiant l'article 82 alinéa 2 de l'Ordonnance n°2005-005 du 22 mars 2006 modifiée et complétée par la Loi Organique n°2019-014 du 13 décembre 2019 relative au Statut de la Magistrature», izay natolotr'Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Antananarivo faha-V, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-002-2024/PL° «modifiant l'annexe de la Loi n°2018-011 du 11 juillet 2018 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 septembre 2014, relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, présentée par Monsieur TSARADIA Marco, Député élu dans le District d'Ampanihy Ouest» indray ny mpivory.

Nanamarika moa, Andriamatoa Filoha, fa tsy tontosa ny asam-baomiera mikasika ity Tolo-dalàna ity, ka nambarany tamin'izany fa tsy maintsy miandry fandaharam-potoana amin'ny manaraka ny handinihana azy. Ny antony, araka ny voalazan'ny andininy faha-75 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia tsy Volavolan-dalàna na Tolo-dalàna na iray aza azo aroso amin'ny fanapahan-kevitry ny Antenimierampirenena raha tsy efa nanaovan'ny Vaomiera mahefa tatitra mialoha.

Rehefa izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa miandry amin'ny fotoana manaraka ny hampidirana azy ao anaty fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena rehefa avy nandalo asam-baomiera ary aorian'izay vao mandalo eto amin'ny fivoriambe.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, ka ny Alakamisy 13 Jona 2024 amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Aménagement du Fly-Over «Maki» croisement entre la Route «Francophonie» et le Boulevard de l'Europe, conclu le 11 octobre 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA) izay hotanterahina ao amin'ny «salle BP».* Manentana ny Vaomiera voakasika amin'izany mba hivory handinika an'io Volavolan-dalàna io.

Hisy koa ny Asam-baomiera mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-n°006/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «*autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement du Projet d'autonomisation et de résilience des filles en Afrique de l'Est (PI 79293)-East Africa Girls'Empowerment and resilience Program (EAGER)», conclu le 13 octobre 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).* Entanina koa ny Vaomiera voakasik'izany mba hivory handinika azy io.

Rahampitso Alakamisy 13 Jona 2024 amin'ny 3 ora, tolak'andro, ao amin'ny «Salle BP» no handiniana ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2024/PL° «*modifiant l'annexe de la loi n°2018-011 du 11 juillet 2018 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 septembre 2014, relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élection ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, présentée par Monsieur TASARADIA Marco, Député élu dans le District d'Ampanihy Ouest».* Tahaka ny teo aloha, entanina ny Vaomiera voakasika hanao ny asam-baomiera.

Amin'ny Alarobia 19 Jona 2024, amin'ny 11 ora, atoandro, kosa ny fivoriambe handiniana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika Volavolan-dalàna laharana faha-005/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 sy ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2024/PL.

Niato tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

